**Filoha Rajoelina** 2
## Filoha tsy mitsahatra ny mampanantena poakaty

**Fitondrana Rajoelina** 3
## Tsy mampisongadina azy ireo zava-maro tsy vitany


# NY VALOSOA VAOVAO


Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 8 novambra 2022 Laharana 1364 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fanafarana mpampianatra vahiny** 3
## Miteny ny manampahaizana toa an'i Pr Narison Stephan

**27 taona nahamay ny Rova** 2
## Mbola mitohy ny famerezankasina ataon'ny fitondrana Rajoelina



**Tetikasa Tanamasoandro** 7
## Mbola baraingo hatreto ny fananganana azy




**Fifidianana, TIM Frantsa** 2
## Vonona hampandresy ny filoha Ravalomanana



**Fifa World Cup 2022 any Qatar** 5
## Fantaro ireo ekipam-pirenena 32 hiatrika ny fifaninanana



**Orange Pro League 2022/2023** 5
### Amin'ny sabotsy 19 novambra no hanomboka

**"Course de l'Amitié"** 3
### Nanamarihana ny 50 taona nifandraisan'i Chine sy i Madagasikara

**Daka kely**

Karaman'ny mpampianatra amin'ny Ariary aza tsy voaloan' ialahy isany koa maika fa Euro sy Dolara ry Boaikely a !

FIFIDIANANA, TIM FRANTSA

# Vonona hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana

Notanterahina ny sabotsy tao Paris renivohitr'i Frantsa ny hetsika fidirana amin'ny politika : rentrée politique, nataon'ny antoko Tiako i Madagasikara, TIM Frantsa. Tonga maro ireo mpikatroka TIM, ary namaly ny antson'izy ireo ihany koa ireo fikambanana maro samihafa mpanohana mafana fo ny filoha Marc Ravalomanana. Fidirana amin'ny politika no natao, nefa na izany aza tsy nipetrapetraka fotsiny nandritra ny taona maro, fa tamin'ity fihaonana ity niavaka kosa, araka ny fanamarihan'ny mpikarakara, satria fotoana isehoana amin'izay hoy izy ireo amin'izao herintaona mialohan'ny fifidianana hatao eto amin'ny firenena izao. Tokana ny tanjona dia hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Mahatsiaro izahay na aty antany lavitra aza, fa tena mijaly sy miaina ao anaty fahantrana ny Malagasy. Tsy hipetra-potsiny anefa manoloana ny tetika entina hangalaram-bato ny TIM Frantsa ; koa mitaky ny hanaovana ny fikaonandoham-pirenena aty Madagasikara hisorohana izany izy ireo.


*Ny hetsiky ny TIM Frantsa ny sabotsy teo tany Paris.*

***Helisoa***

27 taona nahamay ny Rova

# Mbola mitohy ny famerezan-kasina ataon'ny fitondrana Rajoelina

Feno 27 taona tamin'ny alahady 06 Novambra 2022 lasa teo ny nandorana ny Rovan'Antananarivo, ny alatsinainy 06 Novambra 1995 no may io Rova io, ampitson'ny nanaovana ny fifidianana ben'ny tanàna nanerana an' i Madagasikara. Razanamasy Guy Willy no voafidy ho ben'ny tanàna teto Antananarivo Renivohitra tamin'izany.

Niolomay i Madagasikara manontolo raha nandre, fa may ilay Rova reharehantsika malagasy, tsy ny teto an-toerana ihany fa hatramin'ireo mpiray firenena tamintsika nielimpatrana nanerana an'izao tontolo izao.

Alahelo, hatezerana, hakiviana izany no nifamahofaho tao an-tsain'ireo manam-panahy, teraka ihany koa ny hafanampo amin'ny endriny samihafa ary nivoaka avokoa izao karazana fanamby rehetra izao, ka samy nivoady izay nahazo fitenenana fa hanao izay tratran'ny heriny amin'ny fanarenana ny Rova.

Maro ireo fikambanana nijoro, nanokatra kaonty tany amin'ny banky, nampanao fitia tsy mba hetra hanarenana ny may, saingy toa nahery amboalohany ny sasany, fa tsy hita izay nafitsony taty aoriana, hany ka lasa vazivazy sisa ilay fomba fitenenana hoe : '' manomeza kely hanarenana ny Rova ''.

Ny taona 2002 no voafidy ho Filohan'ny Repoblika Ny Filoha Ravalomanana, nanapa-kevitra ny fitondrana notarihany, fa hajanona aloha ny fanangonambola amin'ny fanarenana ny Rova, natsahatra ny fandrotsaham-bola, ny asa fanarenana rehetra koa niato avokoa afa tsy ny tao amin'ny Fiangonana Tranovato Anatirova, izay nahazo famatsiambola avy amin'ny ''LMS'' na ''London Missionary Society'' avy Angletera, ka ny taona 2003 dia efa tafarina ny fiangonana.


*Ny fahamaizan'ny Rova 27 taona lasa izay.*

Ny taona 2005 nahafeno folo taona katroka ny nahamay ny Rova, no nanambara ny fitondrana notarihan'ny Filoha Ravalomanana, fa atomboka amin'izay ny fanarenana ny Rova, natsangana ny Filankevipirenena momba ny vakoka na ''Cnp'', ka Mejamirado Razafimihary no voatendry ho tale, ny Sabotsy 05 Novambra 2005 folakandro no notanterahina ny fotoampivavahana nitondrana ambavaka ny fanarenana tao amin'ny Fiangonana Tranovato Anatirova, nanatrika sy nanome voninahitra izany ny Filoha Ravalomanana, nandritra izany fotoambavaka izany no nanambaran'ny Filoha Ravalomanana fa atomboka amin'izay ny fanarenana ny Rova, ary ny '' Cnp '' ihany no manana fahefana hanangombola, ka ireo vola tany amin'ny kaonty hafa dia nafindra tao amin'ny kaontin'ny ''Cnp'' avokoa.

Nihazakazaka nanao tsiombialoha ny rehetra nandrotsaka izay foiny, samy nandray anjara avokoa ireo olontsotra teratany na mpiavy, ireo orinasa malagasy sy vahiny, hatramin'ireo masoivoho sy fikambanana iraisampirenena dia samy niara-nientana avokoa, mazava ny anton'izany, nahatoky ny mpitondra ireo tsara sitrapo na ny mpiray firenena amintsika, na ny ireo avy any dilambato. Ny asa fanarenana nandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanana tao anatin'ny mangarahara tanteraka.

Saingy indrisy fa nisy ny fandrobana fahefana nataon'Ingahy Rajoelina sy ny forongony, nahavoatery ny Filoha Ravalomanana niala teo amin'ny fitondrana, nanomboka teo dia nihena ny risipon'ireo mpanao fitia tsy mba hetra, ary azo lazaina hoe tsy nisy intsony ireo mpandrotsabola, satria tsy natoky ny fitondrana azo tamin'ny tsy ara-dalàna na ny malagasy na ny vahiny, ny fanarenana koa tsy nandeha araka ny tokony ho izy, ny zava-doza aza: vao mainka zavadoza no nitranga nandritran'ny fitondrana tetezamita, satria very ny satroboninahitry ny Mpanjakavavy, tsy mbola hita hatramin'izao, kanefa nambaran'ilay manamboninahitra fa efa fantany hono ny nangalatra ilay satroboninahitra, may ihany koa ny Rovan' Ambohidratrimo, sy ny fasan'ny Mpanjaka teny Ambohimalaza, nandritra ny tetezamita avokoa izany.

Nilamindamina ny fanotana fady nandritra ny fitondrana Rajaonarimampianina, fa nony niverina teo amin'ny fitondrana indray ny filoha amin'izao fotoana izao taorian'ny taona 2019 dia zava-doza no niseho, satria natsangana tao Anatirova, ny '' Colisèe'', izay fotodrafitrasa tsy mifanaraka amin'ny tantara, raha tsorina dia fanotana fady tsotra izao.

Ny 06 Novambra 2020 nahafeno 25 taona katroka ny nahamay ny Rova dia niedinedina Ingahy Filoha nitarika ny lanonana, izay indrisy fa nisy ny havana avy any amin'ny faritra no tratran'ny tsy fahasalamana tampoka nanditra ny lanonana teny Anatirova ary niafara tamin'ny famoizana aina izany, tsy sahin'Ingahy Filoha notokanana ny '' Colisèe '' tamin'io 06 Novambra 2020 io, kanefa koa hatramin'izao tsy mbola narodana na nongotana tao, fa mbola ao. Tsy vitan'izany, fa mbola mitohy hatrany ny famerezankasina, ka ny Manampisoa lapa naorin'ny Mpanjakavavy Rasoaherina sy ny Tranovola lapa naorin'ny Mpanjaka Radama I indray, no anehoan'ny fitondrana ny tsy fahaizamiaina, satria ny vakoka raha ny tokony ho izy dia tsy azo ovana ny endriny ary ny akora nampiasaina teo aloha ihany no tsy maintsy averina amin'ny fanarenana, saingy tsy izay no misy ao Anatirova ankehitriny, fa ny mifanohitra tanteraka.

Ny tena mampatahotra fatratra dia ny fihetsik'Ingahy Filoha Rajoelina, izay sodokan'ny zava-bahiny, tsy menatra akory izy milaza ny hanafatra ireo biby avy any ivelany, izay fantatra fa biby arovan'ny mpitondra any amin'ny firenena misy azy, kanefa ny omby na ny barea harenantsika malagasy aza tsy vitan'ny fitondrana ny miaro azy amin'ny asan-dahalo? ka azo eritretina fa mety mbola hiteny koa Ingahy Filoha hoe atao mitovy endrika amin'ny ''Chateaux de Versailles '' na '' Musée du Louvres'' ny ao Anatirova.

Isika malagasy no tompon'ny Rova, noho izany adidintsika ny mijoro manohitra ny famerezan-kasina ataon'ireo mpitondra efa ho lany daty tsy ho ela ireo.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fohy fomba fijery sy fisainana ny fitondrana Rajoelina

Voafetra ihany ny fomba fijerin'ny mpitondra ao anatin'ity fitondrana ankehitriny ity, rehefa mikasa hanatanteraka tetikasa, ka manazava amin'ny vahoaka izany. Mahakivy ny olom-pirenena maro ny fahenoina ny valinteny nataon'ilay minisitra tomponandraikitra ho an'ny solombavambahoaka Rolland Ratsiraka, raha nilaza ny fijeriny sy ny heviny ity farany momba ilay lalambe migodana kasain'ny fitondrana Rajoelina hotanterahina miaraka amin'ny mpandraharaha egyptiana. Tamin'izany no nilazany ny amin'ny tsy fahampian'ny fanazavana, ny antsipiriany tokony ho fantatra momba ilay tetikasa sy ny fanatanterahana azy. Tsy fantatra, ohatra, ny zotran'ilay lálambe Antananarivo-Toamasina, hoy izy. Valinteny miendrika an'avona ihany no nataon'ilay minisitra, ary ny nahavariana dia ny fomba fisainana tsy nihevitra ny hafa, fa famelezana an'ilay solombavambahaoaka no namatrapatrarany, sy ny hoe tongava any amin'ny biraoko fa malalaka ny varavarana. Izany dia tena tsy mihevitra mihitsy hoe mety misy olom-pirenena ihany koa ange mila izany fanazavana antsipiriany izany, saingy ity aloha no nanontany sy naneho ny heviny. Ny olom-pirenena mila valinteny mazava dia tsy manam-potoana hankany amin'ny biraon'ingahy minisitra velively, fa ny fitadiavana amin'izay hahavelona isan'andro ary efa ifampitadiavana mafy. Any amin'ny haino aman-jery toy ireny, ny hariva manaraka vaovao, no ahafahany mba mihaino sy mahalala ny tsara ho fantatra momba izany. Tsy ao an-tsain'ingahy minisitra velively anefa izany ary azo andrefesana tsara ny fomba fisainan'ireo olona ao anatin'ny governamanta sy ny eo anivon'ny fitondrana Rajoelina tsara izany. Toy ny eo an-tendron'orony ihany izany no hitany, fa tsy mahatsinjo ny lavitra. Toy izany mantsy no hita taratra sy tsikaritra ataon'izy ireo rehefa amin'ny tranga toy izany. Asa na efa zatra manafinafin-javatra sy tsy mahay intsony manao ny mangarahara amin'ny vahoaka amin'ny fanatanterahandraharaha na tetikasa, indrindra ny lehibe sy goavana toy izao. Zary mety amin'izy ireo ny haha tompon-trano mihono hatrany ny vahoaka ary izay tiatiana ambara ihany no aseho ny Malagasy, ary misy ny afenina mafy. Tsy atao hahagaga raha mandeha ila ny ezaka samihafa amin'ny fikasana hanao fampandrosoana eto amin'ity firenena ity, ka vokany tsy misy zava-banona hahasoa ny besinimaro, fa olom-bitsy ihany no misitraka izany. Efa ho tapitra ity ny fe-potoana iasana mbola tsy tonga saina sy tsy mahatsapa izany ihany ny olon'ny fitondrana. Ny akoho tsy naneno toy izay laninʼny kary, ary ho volan-kankafotra ihany ny ho fiainam-bahoaka hatramin'ny taona 2023.

***Sôh'son***

Filoha Rajoelina

# Filoha tsy mitsahatra ny mampanantena poakaty

Planina maty paika indray hono, no nanakoako tamin'ny herinandro lasa teo iny, teny amin'ny CCI/Ivato. Nambaran-dRajoelina avokoa tamin'ny ankapobeny ny mety sy mahasoa tamin'ireo fitondrana efa nifandimby teto, voalazany hatramin'ireo nataon' ny mpanjaka fahiny, ny tsara tokony ho tohizana tamin'ny nataon'ny filoha Tsiranana, ny fanohizana ny nataon' ireo filoha efa nifandimby izay tokony hatao ao anaty firaisankina tanteraka, fa tsy hanaratsiana ny efa mba nataon'ny teo aloha handrombahana fahefana fotsiny ihany. Nasongadiny ohatra ny nanorenana ny hopitaly Soavinandriana, ka nahatonga azy hanangana manara-penitra hafa koa, voalaza koa fa tribonaly maro no efa atsangana, ny fonja, ny fanatsarana ireo lalam-pirenena, ny famoronana lalam-baovao sy ny sisa hoy izy tenany, porofon'izany ny Tanamasoandro, izay efa andalana araka ny teniny, nefa mbola tsy misy n'inona na inona akory. Ankilany, ny olana ara-tsakafo mbola misy, misy ireo mosary tanteraka, izany hoe :planina sy paika aroso hatrany mba hitsinjovana ny fifidianana amin'ny taona ho avy io nataony io.

Misongadina araka izany, fa raha ireny zava-bita fahiny ireny dia tsy tokony hanimbana ny radio RNM Anosy ohatra, izay nataondry Rajoelina sy ny forongony tamin'ny taona 2009, nandrombaka fitondrana tamin'ny fanimban-javatra.

Ankoatra izany, efa tsy mifampatoky intsony ny samy mpitondra, ka vao nandrenesana ny teny toy ny hoe : izay fitondrana ialanay dia midoboka na simba tsy ho ela, dia efa mampisavoritaka an-dry zareo samy ry zareo sahady. Mazava araka izany fa fanomezantoky toy ny efa fanao ity planina ity, planina fampandriana adrisa no naseho nefa izy tenany aza afaka 300 andro mahery kely, raha mbola te-hirotsaka ho fidiana dia tsy maintsy hisintaka kely aloha. Ny zava-misy rehetra eto amintsika anefa amin'ny ankapobeny dia manahirana an-dRajoelina avokoa, raha tsy hilaza afa-tsy ireo olona tsy an'asa marobe misy eto amintsika, ny vahoaka kere any Atsimo sy any Ikongo, grevy etsy sy eroa, sns…

***Beharo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tsy mampisongadina azy ireo zava-maro nampanantenaina tsy vitany

Niteraka resabe ilay « forum » teny amin'ny CCI Ivato satria tany amboalohany dia nolazaina fa fampahafantarana ny PEM no natao, kanjo rehefa tamin'ny fotoana farany dia niova ho fiantsoana ireo mety hamatsy vola amin'ny fanatanterahana ny programa. Na izany na tsy izany dia nanaitra ny nahita omaly ny lohatenin'ny gazety mpiseho isanandro manohana ny fitondrana mitanisa ny alakamisy lasa teo, ireo « tetikasa mampisongadina » ny fitondrana Rajoelina Andry. Iaraha-mahalala anefa fa tsy vao izao no nieboebo izao fitondrana izao, ka nilaza fa hanao izay tsy vitan'ny fitondrana nandritra ny enimpolo taona ao anatin'ny dimy taona. Saika nisongadina Rajoelina Andry raha niainga tokoa ny « IEM », fa tsy niovaova ny anarany isaky avy nanonofy izy. Efa nisongadina ihany koa izao fitondrana izao raha novitainy tao anatin'ny fotoana noferany ny « velirano 13 ». Nety nisongadina Rajoelina Andry raha tsy « vato fehizoro » efa napetraky ny fitondrana teo aloha ary efa nahazoana tetibola hanatanterahana azy no niverenany nametrahana « vato fototra » indray. Tsy nampisongadina azy ny nitokanany ity Làlampirenena 5 bis mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar ity, satria fitohizan'ny raharaham-panjakana izany. Tena mety nisongadina tokoa Rajoelina Andry, tsy teto an-toerana ihany fa eran'izao tontolo izao, raha nahomby araka ny niheverany azy, ka nanasitrana na niaro ny vahoaka tany amin'ireo firenena nandefa fiaramanidina manokana naka izany ny CVO. Saingy indrisy, tsy araka ny niheverana azy izany CVO izany. Natsangana antsokosoko ny « Colisée » ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana, ka tena nanao ny tsy vitan'ny fitondrana tao anatin'ny enimpolo taona tokoa, raha toa ka neken'ny mpandala ny soatoavina sy ny vakoka manerana an'i Madagasikara ny nananganana azy. Tsy azo adinoina ireo fotodrafitrasa manarapenitra nampanantenain-dRajoelina Andry toy ny sekoly sy hopitaly kanefa dia nolokoina volon-daoranjy fotsiny izy ireny, na raha nitsangana tokoa dia efa vakivaky sahady ny rindrina na fitaovana nalaina tatsy sy taroa no ao anatiny, ka tsy hita intsony rehefa vita ny fitokanana. Vita tsara ny « rocades » entina manamaivana ny fitohanan'ny fiara eto an-drenivohitra ary notokanan-dRajoelina Andry, kanefa tsy tsapany sy ireo mpomba azy, fa raha nahay nanetry tena izy ka nanambara fa fitohizan'ny asa ihany no nataony, satria efa tetikasan'ny fitondrana teo aloha ireo dia nisongadina izy. Efa nisosa tamin'itony làlana vita itony ny "Gasy Car", raha tafatsangana ny ozinina nanamboatra azy, ka nampisongadina bebe kokoa noho i Andriamalagasy Rabearivelo tale-jeneralin'ny « Imi », izay nanao ny fiara Karenjy i Rajoelina Andry, saingy, ny te-hanana tsy hahaleo ny ambinina. Te-hiavaka amin'ny rehetra ny fitondrana Rajoelina Andry ary tena tanteraka tokoa izany, saingy teo amin'ny lafiny ratsy izany, ka ny fahafaham-baraka teo amin'ny sehatra rehetra no nampisongadina azy. Izay manetry tena tokoa no hasandratra fa izay manandratena no hahetry". Tsy mahay manetry tena Rajoelina Andry sy ny mpiaradia aminy, satria midongy tsy mety mitokana ny Seranam-piaramanidina" vaovao eny Ivato, kanefa io no vavahady idirana eto Madagasikara, ka raha nanao ny fitokanana izy dia nisongadina teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Amin'izao fotoana izao dia manambara ny mpomba izao fitondrana izao, fa hisongadina satria hatao ato anatin'ny herinandro vitsy ny fametrahana vato fototr'ilay làlana migodana hampitohy ny Renivohitra amin'i Toamasina izay ho vita ny taona 2026. Satria ity fotodrafitrasa ity no tena nasongadina ka ny fanontaniana mipetraka dia ahoana ireo tetikasa hafa ao amin'ny PEM izay heverina fa tsy voarakitra ao amin'ny "velirano 13", fa nofinofy toy ny nofin'ny filohan'ny Repoblika rehetra tsy nety tanteraka hatramin'izay? Hiandry taona efatra izany vao hisongadina izao fitondrana izao, kanefa raha tsy tafaverina eo amin'ny fitantanana ny Firenena intsony dia izay eo indray izany no hisongadina sy hiravaka ny vanginy na dia tsy namono ny voay aza.


***Andry Tsiavalona***

Fanafarana mpampianatra vahiny

# Miteny ny manam-pahaizana toa an'i Pr Narison Stephan

Mampiteny ireo minia mangina mihitsy ny teniteny foana nataon'ny filoha Andry Rajoelina tato ho ato, indrindra ny mikasika ny hanafarana mpampianatra vahiny ho avy eto amintsika. Anisan'ny naneho hevitra mahakasika izany i Pr Narison Stephan, izay Malagasy manam-pahaizana manokana momba ny fizika nokleary, sy ny fizikan'ny angôvo avo."tsy vahaolana sy lafo ary manambany ny mpampianatra sy ny mpikaroka Malagasy ny fanafarana mpampianatra sy mpikaroka vahiny avy any ivelany. Tsy misakana ny fiaraha-miasa amin'ny Oniversite sy ny Foibe fikarohana maro samihafa any ivelany akory izany. Aleo aza manafatra ireo diaspora izay heveriko fa maro no vonona hitondra ny anjara birikiny hampandroso ny firenena, sady tsy lafo ny mahakasika izay. Efa ela no nahavita fianarana hatramin'ny Doctorat teto an-toerana ny mpianatra Malagasy, anisan'izany ny antony namoronana ny Institut de Recherche iHEPMAD teny Ankatso tamin'ny taona 2004 niveau Master sy Doctorat ary eken'ny any ivelany ireo diplaoma ireo. Tokony homena asa ireo tanora nahavita fianarana teto an-toerana ireo. Azo amafisina amin'ny atrikasa sy kaonferansa iraisam-pirenena ohatry ny HEPMAD ny formation pedagogique sy mise à jour."

***Isambilo***



*Ny Pr Narison Stephan.*

LAHATENIN-DRAJOELINA

# Kabary takon-kenatra sy sadasada




*Ny filoha Rajoelina teny amin'ny CCI Ivato.*

Taorian'ireny toe-draharaha tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ireny, mikasika ny planina voalaza fa maty paika (PEM ) ary efa namoahana andiam-baovao maro teto ihany koa, dia mba maro ihany koa ireo olon-tsotra, niantso sy nandefa hafatra taty aminay fa kabary sy antso fanampenamaso : takon-kenatra, sy tsy am-piheverana teo anatrehan' ny vahiny avy any ivelany fotsiny ihany no betsaka, nefa efa tara be mihitsy raha oharina tamin'ny fampielezan-kevitra sy propagandy nataotany aloha fony hirotsaka ho fidiana ho filoham-pirenena ny taona 2018 Rajoelina, ka tsapa fa efa simba sy lo ny zavatra tiany hatao, hoy ireo sendra anay nefa mbola tiankatao ihany amin'ny fifidianana 2023 manaraka.

Tsy am-piheverana tokoa hoy ireo beantitra avy naka vola fisotroan-dronono teny avaradrano, satria raha ilay làlam-be migodana na "auto route " ohatra, iza no tena hahita tombontsoa, ny fiara fitateran'entana sa fiara madinika, fifanarahana vao nanaovana sonia afak' omaly nefa efa nantsointsoina foana hatramin'ny taona lasa ireny.

Tsorina anefa fa amin'ny faran 'ity taona ity vao hatomboka hono ny asa. Ny misongadina izany dia hoe: mbola tsy nisy fifanarahana vita tany aloha tany dia efa nanaovana propagandy ity làlambe ity nentina handresen-dahatra ny vahoaka mosarena. Mbola tsy misy zavatra tsara sy mahasoa azo tarafina dia ny "Sûr " foana no mibahana ny saindRajoelina nefa izany no manimba antsika amin' izao fitondrany izao, fitaka sy fampandriana adrisa no betsaka. Ho tanteraka ao anatin'ny vanim-potoana sisa hitondrany ve io lalana 260 km io, nefa ny toetr'andro efa hanahirana koa, ny rivo-doza sy oram-be samihafa efa mihaodihaody, moa tsy ireo làlana simba no tokony ho vonjena raha izany?

Nasian'ireo olona teny koa ny resaka biby, elephant, zèbre, girafe... izay hisintonana mpizahantany hono, hoy Rajoelina, nefa raha hijery santionany amin'ireny ny vahiny moa tsy ny mandeha mivantana any Kenya sy Afrika atsimo no hataony dia milamina izy. Nilaza koa ireo sendra anay, fa ny mpampianatra any ivelany indray, no hafarana marobe ho eto, nefa ny antsika aza efa mijaly arakarama, ny vahiny koa mbola homena karama vola dolara sy euro ohatra, nefa ny vola ariary aza eto efa sarotra, sy tsy mitsahatra mitontongana.

***Beharo***

TONONKALO

## Ny filoha sy ny familiviliana saina

Mamilivily saim-bahoaka sisa ataon`Ingahy filoha,
Satria tsy fantany intsony izay mba tanjona hitodiany.
Toy ny tsinjo eo anoloany izatsy fasana mivoha,
Raha toa tohizany hatrany ny fanaovany izay tiany !

Olo-maro mitaraina , tsy mahita izay harapany,
Izany izao ankehitriny no manerana ny lasy.
Ny tolokon`ny vahoaka , tsy henoiny sy tsy tsapany,
Fa ny hoerahoera hatrany no hamahanany ny gasy !

Biby avy any andafy indray no noventesiny an-kabary
Fa haiditra , hisarihana an`ireo mpizaha tany.
Ny etsy Tsimbazaza anefa , be dia be no efa marary.
Misy ny efa voan`ny raboka ka voasaina ve izany ?

Nodradrainy ihany koa ny amin`ny lalambe hamboarina
(Izay notebahiny taloha hoe ireny anie ka tsy azo hanina !)
Ny amin`ny vola hanaovana azy, tena mila ampahafantarina,
Saingy hatreto , misitery, sa avy amin`ireo rosianina ?

Mamilivily saim-bahoaka sisa tetika ampiasainy,
Izay no hany fara heviny fa tsy tratrany ny tanjony.
Inona no tena marina , mbola mandry ve ny sainy
Sa hifarana ny diany ka dia may ny endim-boanjony ?

***DADAN`i RIANA (07-11-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Tim Frantsa, Rajepa

Ny fivoriana fiatombohan'ny asa politikan'ny Tim Frantsa, natao tany Paris ny sabotsy teo.










Mitaraina noho ny fanjakazakan'ireo sinoa, ireo mpanjono any Betania Morondava, faritra Menabe.









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Hoy Jesosy taminy: satria nahita Ahy ianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino.*

***Jaona 20:29***

### Fifa World Cup 2022 any Qatar

# Fantaro ireo ekipam-pirenena 32 hiatrika ny fifaninanana

Ho tanterahina any Qatar hanomboka amin'ny alahady 20 novambra 2022 ho avy izao, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 18 desambra 2022 ny fifaninanana baolina kitra «Fifa World Cup 2022» andiany faha-22. Miisa 32 nozaraina ho vondrona 8 ireo ekipam-pirenena handray anjara amin'izany fifaninanana izany, ka lalao 64 no hifandimbiasana hatrehan'izy ireo. Vondrona A : Qatar, Equateur, Sénégal, Pays-Bas. Vondrona B : Angleterre, Iran, Usa, Pays de Galles. Vondrona C : Aragentine, Arabie Saoudite, Mexique, Pologne. Vondrona D : France, Australie, Danemark, Tunisie. Vondrona E : Espagne, Costa Rica, Allemagne, Japon. Vondrona F : Belgique, Canada, Maroc, Croatie. Vondrona G : Brésil, Serbie, Suisse, Cameroun. Vondrona H : Portugal, Ghana, Uruguay, République de Corée. Kianja 8 no hanatanterahana ny hetsika : Stade Al Bayt, Stade Khalifa International, Stade Al Thumama, Stade Ahamd Bin Ali, Lusail Stadium, Stadium 974, Education City Stadium ary Stade Al Janouh. Ny ekipam-pirenen'i Qatar sy ny ekipam-pirenen'i Equateur no hanokatra amin'ny fomba ôfisialy ny fifaninanana amin'ny alahady 20 novambra 2022 ao amin'ny kianja « Stade Al Bayt » any Al-Khor: 50 km avaratr'i Doha renivohitr'i Qatar, izay mahazaka mpijery mahatratra 45.330 isa, hanomboka amin'ny 19:00 (ora malagasy). Any amin'ny kianja "Stade de Lusail" mahazaka mpijery 80.000 isa kosa, no hanatanterahana ny lalao famaranana. Mafana ary mbola hafana ara-bakiteny any Qatar mandritra an'ity Mondial ity, ka nasiana "Climatiseur" manokana mihitsy ao amin'ireo kianja filalaovana rehetra, mba hampangatsiatsiaka.



*Ny Ekipam-pirenen'i Qatar mpampiantrano.*

***Rainilita***

### Rallye Passion andiany faha-3 any Antsirabe

# Dingana faha-6 amin'ny « Championnat de Madagascar »

Ny Rallye Passion andiany faha-3 ho tontosaina any Antsirabe amin'ny alakamisy 10 sy zoma 11 ary sabotsy 12 novambra 2022 ho avy izao izay ho karakarain'ny "Club Tacs" no dingana faha-6 amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 amin'ity fifaninanana Rallye Malagasy ity. Dingana manokana miisa 14 no ao anatin'ny fandaharana amin'ity rallye Passion 2022 ity ka hisongadinan'ny tsy maintsy handalovana isan'andro ao amin'ny "Parc de l'Est" (afovoan-tanàna), araka ny nambaran'ny filohan'ny Klioba Tacs, Sajo, tamin'ny mpanao gazety. Toy izao ny firafitry ny lalan-kizorana amin'ity Rallye ity : Eo amin'ny "la Gare" no "PC" hiangan' ireo ekipazy 25 hanomboka amin'ny alakamisy amin'ny 12 ora sy sasany antoandro. -Ambohimanga – Ankadilalana (7,33km), Antanimenakely – Antsahatanteraka (12,43km), Aerodrome – Ambohimahazo (7,79km), Tsivatrinikamo – Hopitaly Maraokana (15,06km).


*Rallye Passion Antsirabe 2022.*

***Rainilita***

### Orange Pro League 2022/2023

# Amin'ny sabotsy 19 novambra 2022 no hanomboka

Taorian'ny fivoriana natao teny Isoraka foiben'ny FMF nahitana ny mpikamban ao amin'ny CFEM, ny solontenan'ireo klioba handray anjara, ny mpikambana ao amin'ny FMF, ny mpanazatra ny Barea, ny Talen'ny Fifaninanana ary ny Vaomiera Foiben'ny Mpitsara, no nanapahana fa hanomboka amin'ny sabotsy 19 novambra 2022 ho avy izao aorianan'ny famaranana ny Champion's League D-2 ny taom-pilalaovana Orange Pro League 2022/2023. Neken'ny CFEM ny handamina ny fe-potoana famotsorana ireo mpilalao miaraka amin'ny FMF mba hahafahan'ny Barea manomana tsara amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika (CHAN) 2022, hatao any Alzeria, amin' ny Janoary sy Febroary 2023. Tapaka ihany koa fa ho tazonina ny raikipohy tamin'ny taon-dasa dia ny dingana voalohany misy fihaonambe roa, avy eo ny dingana faharoa amin'ny lalao mandroso. Tapaka koa fa ny fifaninanana Orange Pro League 2023-2024 dia tokony hanomboka amin'ny volana Aogositra na Septambra amin'ny taona 2023. Mahazo mifindra klioba hatreto ireo mpilalao mandray anjara amin'ity fifaninanana ity hatramin'ny tapaky ny volana novambra 2022.



*Ny sary famantarana ny Orange Pro League.*

***Rainilita***

### Rugby

# Nangotraka indray Andohatapenaka



Nangotraka indray ny teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny fanarahana lalao 4 miantoana be izao tamin'ny alahady 06 novambra 2022 lasa teo. Ireo Voka-dalao azo tamin'izany : « Match de défi » Mang'Art Manjakaray 27 – 20 Jsta Ambondrona. « Tournoi de Repêchage TOP20 » XV Avenir Andohatapenaka 33 - 10 Fta Andavamamba, Uasc Cheminots 16 - 12 3F5 Amboditsiry, « Tournoi des boites » Stm Savonnerie 18 – 37 Cosfa Miaramila.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Tongo-kisoa saosy indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao saosy amin'ny tômaty, tongolo be, sakamalaho ary poivron ny tongo-kisoa. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoraly fialana amin'ny sigara sy toaka

Fanafody natoraly fialana amin'ny sigara sy toaka indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra-ilaina : barbe de maïs, na somotra katsaka.
Fomba fikarakarana azy:
Alaina ny somotra katsaka maromaro dia hatapy, mba ho maina tsara.
Rehefa vita izay, dia totoina ho lasa vovoka ary hatao amin'ny toerana madio sady azo antoka.
Fomba fampiasana azy:
Tsy maintsy araraka ao anaty sakafo izay hanina rehetra ny vovoka somotra katsaka teo.
Fanamarihana :
Marihina fa mandritra ny 10 andro misesy ny faharetan'ny "traitement" dia tokony ho afaka ny fifohana sigara, sy fisotroana toaka izay namely ny olona iray.
Ny laoka misy ranony no tena tsara ampiasana azy ity.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampasipotsy Mandialaza any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ampasipotsy Mandialaza, any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitra ny kaominina Ampasipotsy Mandialaza ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any amin'ny faritra afovoany atsimon'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 960 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Ampasipotsy Mandialaza ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.



Basket N1 A Hommes et Femmes 2022

# Tompondaka ny Cospn lehilahy sy Mb2All vehivavy

Nifarana tamin'ny sabotsy 05 novambra 2022 ny fifaninanana basikety "Championnat national N1A Dames 2022 » ka nahavoahosotra ho tompondakan'i Madagasikara 2022 ny ekipan'ny Mb2All izay nandresy ny ekipan'Ankaratra Vakinankaratra (80-50) teo amin'ny lalao famaranana. Nahazo "Trophées + Ballon / Fmbb) sy lelavola « 2.000.000Ar / Fmbb » sy « 2.000.000Ar / Gouverneur Analamanga » ity tompondaka ity ary « Trophées + Ballon / Fmbb » sy lelavola « 1.000.000Ar / Fmbb » kosa no azon'ny tompondaka lefitra. Ireo amboara hafa natolotra : -« MVP » : Hajanirina Muriel - MB2ALL, -« Meilleure marqueuse » : Raherimanana Rondro Emerachine - COSPN 2, -« Équipe 3ème place » : TAMIFA Amoron'i Mania « Trophées + 02 Ballons / Fmbb », -« Équipe 4ème place » : COSPN 2 Atsinanana « 02 Ballons / Fmbb ». Tamin'ny alahady 06 novambra kosa vao fantatra ny tompondaka N1 A Hommes rehefa voatery nifanandrina fanintelony ny Cospn Analamanga sy ny Ascut Atsinanana no izy ireo samy nahazo fandresena iray avy tamin'ny fifanandrinana voalohany sy faharoa. Vokatr'ireo lalao famaranana teo : « Finals game 3 »... « La grande finale » : COSPN 78 – 61 ASCUT. "Finals game 2", ASCUT 81 - 74 COSPN "Finals game 1", COSPN 71 - 65 ASCUT -Équipe Championne : COSPN Analamanga (Trophée + Ballon / Fmbb + 3.000.000Ar / Fmbb + 2.000.000Ar / Gouverneur Analamanga), -Vice-championne : ASCUT Atsinanana (Trophée + Ballon / Fmbb + 1.000.000Ar / Fmbb) - MVP : Solondrainy Alpha Arnol – COSPN (Trophée), -Meilleur Marqueur : Tsialefitra Jinny – ASCUT (Trophée).



*Ny Mb2All N A vehivavy 2022.*

***Rainilita***

"Course de l'Amitié"

# Nanamarihana ny 50 taona nifandraisan'i Chine sy i Madagasikara

Hazakazaka ara-piralahina "Course de l'Amitié" natomboka teny amin'ny « Parvis Analakely », nandalo teny Behoririka ary nifarana tao amin'ny Kianja Barea Mahamasina, tamin'ny alahady 06 novambra 2022, no nanamarihana ny faha-50 taonan'ny fifandraisana ara-diplômatika teo amin'i Chine sy i Madagasikara teto amintsika. Ny Masoivoho Sinoa eto Madagasikara, sy ny Fikambanana Sino-Malagasy, no tompo-marika tamin'ny fikarakarana an'ity hetsika ity ary nitarika nivantana ny hetsika ny Ambasadaoron'i Chine miasa sy monina eo amintsika, notronin'ireo teratany Sinoa maromaro. Minisitra vitsivitsy ao anatin'ny governemanta Malagasy ankehitriny kosa, notronin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, sy ny « prefet de police », no nisongadina tamin'ny fandraisana anjara mavitrika tamin'ity hetsika ity, saingy mbola tsy tazana tao ny minisitry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy. Anisan'ny misitraka ny vokatr' izany fifandraisana ara-diplômatika izany ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, raha tsy hiteny afa-tsy ny fandefasana mpanao fanatanjahantena miofana any Chine, sy ny fampitaovana ara-panatanjahantena ataon'ity firenena ity antsika.


*"Course de l'Amitié" nandalo teny Analakely.*

***Rainilita***

Volley Ball U23 coupe de Madagascar

# Nobatain'ny Gnvb vehivavy sy ny Asi lehilahy ireo amboara

Tontosa tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina tamin'ny sabotsy 05 novambra 2022 teo ireo lalao famaranana volley ball lahy sy vavy tamin'ny fiadiana ny amboara "Coupe de Madagascar 2022" sokajy U 23. Nobatain'ny Gnvb vehivavy sy ny Asi lehilahy ireo amboara tamin'izany fifaninanana izany. Ny Gnvb Analamanga teo amin'ny sokajy vehivavy nandavo seta 3 – 1 (23-25, 25-13, 25-17, 25-15) ny ekipan'ny Ccvb Matsiatra Ambony . Ny Asi Itaosy lehilahy kosa nandresy ny ekipan'ny Cvbf Farafangana tamin'ny seta 3-1 (17-25, 25-21, 25-23, 25-23). Nitana ny laharana faha-3 teo amin'ny vehivavy ka nahazo ny medaly alimo ny ekipan'ny Asi rehefa nandresy ny Bi'As tamin'ny seta 3-1 teo amin'ny lalao fiadiantoerana (25-21, 25-20, 15-25, 26-24). Faha-3 teo amin'ny sokajy lehilahy kosa ny Gnvb rehefa nandavo ny Assm tamin'n y seta 3-1 (25-15, 22-25, 25-11,25-18) teo amin'ny lalao fiadian-toerana. Fanatanterahana ny « politique de relève » himasoan'ny FMVB no antony tena nanaovana an'ity fifaninanana U 23 ity, hoy ny tompon'andraikitra notarihan'ny filoha lefitry ny Federasiôna teny Mahamasina tamin'io sabotsy io sady ho fanomanana ihany koa ny Lalaon'ny nosy 2023 izay ho tontosaina eto Madagasikara amin'io taona ho avy io. Hita ho miakatra ny haavo teknikan'ireo mpilalao tamin'ity fifaninanana ity ary hita efa manana halavana sy halebezana takian'ny taranja ireo mpilalao niakatra an-tsehatra. Marihana fa miandry ny fampivondronana an'ireo mpilalao hiatrika ny « Jeux des iles 2023 » ho karakarain'ny MJS ity taranja volley ball ity ankehitriny hampitomboina ny traikefa efa azon'ireo mpilalao efa niatrika ny fampivondronana nokarakarain'ny FMVB fotoana naharitraritra ihany izay.


*Asi lehilahy sy Gnvb vehivavy.*


***Rainilita***

Marcelio

# Midera amin'ny bagasy sy ny rap

Rajaozandry Nilana Marcelio, no anarany,, ity tovolahy ity izay resy lahatra rehefa nandre ny bitsiky ny fanahy masina tao anatiny, ny amin'ny ampiasana ny talenta ananany ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara.
Ny feo voalohany matanjaka sady rakotra angola, miampy ny fahaizа-manaony eo amin'ny sehatry ny dihy. Ireo mitambatra no toy ny vy miaina mampisavoana avo dia avo ny talentan'i Marcelio eo amin'ny habaky ny mozika evenjelika. Nanaitra sy nanintona ny maro amin'ity mpanakanto ity ihany koa, ny fironany amin'ny fiangaliana ny bagasy sy ny fivelarany miandalana amin'ny fampiasana ny rap hoenti-mitory ny filazantsara ary ho fanabeazana ireo tanora. Tsotra ary mora takarina ny tononkiran'i Marcelio. Ampahany amin'ireo vokakantony ny « Amboary aho », « tsy anio ihany ». Efa misy ny fampiarahaṁ-peon'i Marcelio amin'i Mialy Rakotomamonjy. Ny faramparan'ity taona 2022 diavintsika ity, no mikasa hamoaka ny kapila mangirany voalohany i Marcelio. Ity farany izay niainga tamin'ny famoronana tononkalo ary izao tonga amin'ny sehatry ny fihirana hira evenjelika izao.

***Lalasoa Razafindrakoto***



*Marcelio, taniketsan'ny « Hira evenjelika ».*

Conseil des Entraîneurs de Basketball

# Nahazo filoha vaovao ny CEBB

Notontosaina nandritra ny Fivoriambe notontosaina tamin'ny alakamisy 3 novambra 2022 tao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina ny fifidianana izay ho Filohan'ny CEBB « Conseil des Entraîneurs de Basketball » vaovao. Filohan'ny CEBB eo anivon'ny Ligim-paritra niisa 10 no tonga niatrika ity Fivoriambe ity ka nisy nialohan'io fifidianana io ny fanaovana tatitra momba ny fotoam-piasan'ny CEBB nentin'ny filohany am-perinasa. Taorian'ny fampahafantarana ireo pitsopitsony ara-pifidianana notarihin'ny Filohan'ny Kômitim-pifidianana, Atoa Ramanarivo Alain, izay sady filoha lefitry ny FMBB « Federasiôna Malagasin'ny Basketball », dia niroso tamin'ny latsabato natrehin'ny rehetra ka toy izao ny vokatra azo : - Filoha CEBB : Rajonson Francky Arnaud - Filoha Lefitra : Randria Aimé Alain Marcel - Sekretera Jeneraly : Ranarivelo Brenda - Mpitam-bola : Raharivelo Cécile - Mpanamarim-bola : Fenoarisoa Judith - Mpanolotsaina : Razafindralambo Bayard, Randrianarivelo Jean de Dieu, Rakotomalala Mathieu, Chaigniot Julien, Manitrandrasana Hery, Minaoharisoa Christiane. - isan'ny mpifidy : 10 - isan'ny nadatsa-bato: 10 -Vato azon'ny Kandida : 10/10. Vina maro no naroson'ny Filoha vaovaon'ny CEBB miaraka amin'ireo mpikambana eo anivon'ny Birao ho tarihany ao anatin'ny fotoam-piasana 2022 – 2025.

***Rainilita***


*Ny CEBB tetsy Mahamasina.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/11/2022 hatramin'ny 12/11/2022**

- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com


**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1364-11-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

LÀLANA MIGODÀNA MIHAZO AN'I TOAMASINA

# Praopagandy sahady amin'ny fifidianana indray io




*Ny sarin'ilay arabe migodana, mbola any an-kibon'ny omby, hampitohy an'Antananarivo sy Toamasina.*

Efa praograma tamin' ny fampielezan-kevitra nataon' i Andry Rajoelina farany teo ny fanamboarana ny làlana migodàna mihazo an'i Toamasina. Ho tapitra ny taom-piasana, tsy mbola mandeha ny tetik'asa dia izao mampiesona vahoaka izao indray. Notanterahina teny Iavoloha ny fifanaovan-tsonia fiarahamiasa teo amin'ny fanjakana malagasy sy ny orinasa Egyptiana ny herinandro teo, hanamboarana ity làlana migodàna ity izay mandalo an' Ambatondrazaka mihazo an'i Toamasina. Nokianin'i Rolland Ratsiraka ny fanamboarana ity làlana migodàna ity, satria tsy voafaritra ny tetibola hanamboarana azy. Ankoatr' izay, dia tsy mbola voafaritra koa hoe raoviana no ho vita ity làlana ity. Ekena hoy ireo tonga nanotrona, fa zava-dehibe ny fananganana ity tetikasa ity, saingy tafiditra ao anaty fampielezan-kevitra sahady ity resaka ity, satria havanana amin'ny ronono an-tavy sy ny fampiesonana vahoaka hatrany ny filoha Rajoelina. Miandry ny vahoaka hoe ho vita ve ity làlana ity, sa tapitra ny fotoam-piasan'ny filoham-pirenena ka efa mandeha sahady ny praopagandy alohan' ny fifidianana amin'ny taona ho avy? Ankoatra izany, tetikasa efa niarahana tamin'ny Japone ny hanamboarana io lalana miogadana Antananarivo-Toamasina io, tamin'ny alalan'ny tetikasa TATOM, nefa izao lasan'ny egyptiana izao, ka esa na ho vita tokoa io lalana ion a tsia? Ho hitantsika eo iahny ny ho tohiny.

**Rajo**

Tetikasa Tanamasoandro

# Mbola baraingo hatreto ny fananganana azy

Hatreto dia mbola manamafy hatrany ny tsy faneken ' izy ireo, ny fanomezana ny taniny ho an'ny fitondram-panjakana, hananganana ny tetikasa Tanamasoandro ireo mponina eny Tsimahabeomby Imerintsiatosika distrikan'Arivonimamo faritr'Itasy. Sady tsy amidy no tsy omenay ny taninay hoy izy ireo nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety. Ny tanin'ny fitondram-panjakana mirefy 342 hektara aza tsy mbola misy na inona na inona mijoro hatreto, nefa isan'andro dia dradradradraina foana ny tokony hampiasana ity tany ity hananganana ny tetikasa Tanamasoandro. 980 hektara anefa no ilain'ny fanjakana hananganana ity tetik 'asa ity. Mbola baraingo toy izay nitranga teny Ambohitrimanjaka indray izany ity resaka tany, hanorenana ny tetikasa Tanamasoandro eny Imerintsiatosika ity hatreto.

**Rajo**





*Ny tetikasa Tanamasoandro, any Tsimahabeomby Imerintsiatosika.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 411**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0410)

**Mitsivalana**
- Mamolava
- Malala (miv)
- Tahy – Boa
- Nono
- Adinony
- Raiso (miv)
- Vohay – Ha

**Mitsangana**
- Matoa
- Ala – Dio
- Mahay
- Oly – Noa
- La – Nosy
- Ambony
- Haino (miv)
- Atao – ra

## TENY MIFANAPAKA N° 411




**Mitsivalana**

**1.** Famonjena, fanarenana **2.** Avaran-tanàna – Inona **3.** Teny fanandratana **4.** Hazo maro (BR) – Fianakaviana **5.** Sakafo – Tamy – Faran-teny (miv) **6.** Nikaroka (miv) – Gia **7.** Vahiny avy any Azia **8.** Marary saina (miv) – Hira (miv) **9.** Tampisaka – Nitetika **10.** Biby fiompy – Matoanteny

**Mitsangana**

**A.** Lalao fara-tampony **B.** Eny an-danitra eny (miv) – Foto-tenin'ny Ilaozana **D.** Tany kely (BR) – Mikarama mitady vola (miv) **E.** Fifanolanana (miv) **F.** Eritreriny **G.** Tsy tsaroana **H.** Solfa – Teny miangavy sy mandràra **I.** Fitaovam-pandrahoana (miv) – Marika (BR) **J.** Kianteny – Toeram-piasana **K.** Karazana valizy vita hazo na vy – Mbola tsara

### Valiny Teny mifanaraka 0410

**Mitsivalana**

**1.** Tsapaina **2.** Sar/y - Na - Ro **3.** E.V - Fy - Tsia **4.** Valo **5.** Anaranareo **6.** Adinony **7.** Mi - Tahotra **8.** Andao - Fa **9.** Rà - Zinga **10.** Mitoman

y**Mitsangana**

**A** Tsena - Maro **B.** Sav - Naina **D.** Ar - Vad(y) **E.** Faritany **F.** Anilanao **G.** Ia - Hono (miv) - Zo **H.** Mifona (miv) **I.** Soritana **J.** Ry - GN **K.** Voadonanay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Tim Frantsa

Ny fivoriana fiatombohan'ny asa politikan'ny Tim Frantsa, natao tany Paris ny sabotsy teo. (tohiny)









